# Fanabeazana : rariny ny fitakian'ireo mpampianatra 3


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 7 jolay 2018 Laharana 785 Vidiny : 400 Ar


**Proverbs 1: 7** 5

**Prophecy and revelation for all world**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**GETM : taratasy misokatra ho an'ny Filohan'ny Repoblika** 5

# Tsy mety amin' ny malagasy ny mifidy




ncyclopédie Encarta, AFP


**Tovovavy mpivaro-tena** 6

# Nijoro vavolombelona fa nahazo vady vazaha



**PULLMAN IVANDRY** 4

## Karana vavy indray no nisy naka an-keriny



**Kista amin'ny loha** 6

## Zazakely nodidiana, mitady fanampiana ny fianakaviany

**Boriboritany faha-5 (CUA)** 6

## Nanatanteraka didimpoitra maimaimpoana faobe

**Cité Itaosy - Ambohidrapeto** 7

## Mijaly fiara ireo mpandeha hody hariva



**Daka kely**

Tsy mendrika ny zava-bitany ny nomenareo an'i Eulalie Ra-force a !

**Mondial 2018** 4

## Tafakatra amin'ny 1/2-dalana i Frantsa



FIFIDIANANA

## Milaza fa vonona daholo ireo kandida , nefa....

Efa maromaro ihany ireo kandida milaza hirotsaka ho fidiana ho filohampirenena ankehitriny , indrindra taorian'ny nivoahan' ny daty natolotry ny governemanta Ntsay Christian. Raha ho an'ny HVM dia nilaza i Rivo Rakotovao filoha nasionaliny fa vonona efa hatry ny ela hono ny HVM hiatrika ny fifidianana amin'ity taona ity. Hita soritra eny amin'ny fomba fiteny anefa fa mametraka ahiahy ihany ity filohan' ny Antenimierandoholona ity , milaza ho vonona nefa tsy vonona akory. Voan'ny nataony ity farany ankehitriny satria Andry Rajoelina amin' izao fotoana izao efa manao propagandy mialohan'ny fotoana , nefa tsy misy mibedy , tsy milaza ny heviny ny CENI mandràra izany fa miteny fotsiny hoe mbola tsy misy lalàna mifehy ny fanaovaona fampielezankevitra mialohan'ny fotoana eto amintsika. Dia avela malalaka hanao ny ataony eo i Andry Rajoelina , ka ny mimenomenona an-toerana sisa no ataon'i Rivo Rakotovao . Izany hoe tsy raharahian'ity mpanongam-panjakàna ity hoe misy mpitondra fanjakàna HVM intsony eto Madagasikara. Ny filoha Marc Ravalomanana efa nanambara mazava fa vonona amin'ny fifidianana izy sy ny mpomba azy ary tsy matahotra fifidianana velively saingy ho tanteraka ao anatin'ny tena mangarahara , madio ary eken'ny rehetra ve ny rafitra hitantana io fifidianana io ?

Dia ho hita eo ny tohiny satria toa sarotra ihany ankehitriny ny hanaovana fifidianana ao anaty fitoniana . Vao omaly ny omaly ireo sendikan'ny mpampianatra teny Anosy no nodarohin'ny EMMOREG baomba mandatsa-dranomaso. Ankoatra izany, ny tsy fandriampahalemana dia miseho lany amin'ny faritra rehetra eto amin'ny Nosy.

***Helisoa***

Pasitera Mailhol

## Vonona amin'ny fifidianana koa ny GFFM

Tafapetraka ny talen'ny fampielezan-kevitra ho an'ny antoko GFFM na ny Gideona Fanafahana ny Fahantrana eto Madagasikara. Tamin'ny alalan'ny latsabato no nahalany an'Andriamatoa Paolo Solonavalona Raholinaivo ho talen'ny fampielezan-kevitra mandritry ny fanomanana ny fifidianana ho filoham-pirenena ho avy izao. Hanomboka ny fitetezam-paritra hanazavana ireo fandaharan' asany ihany koa ny antoko GFFM raha araka ny nambaran-ity tale vaovao ity ka anisany hatao vaindohan-draharaha ny fanalanaa ny fahantrana, fananganana fanjakana tan-dalàna ary famerenana ny Iles Eparse amin'ny Malagasy amin'ny alalan'ny fampiharana ny politikan'ny Baiboly. Notsindriany ihany koa fa manohana azy ireo ry zareo Rosianina amin'izany tanjona goavana kendreny izany. Nohamafisin'ny filohamboninahitry ny antoko GFFM, Pasitera Mailhol ihany koa fa vonona ny amin'ny fiatrehana ny fifidianana izy ireo na dia mitovy hevitra amin'ireo antoko hafa izay miandrandra ny fanorenana ifotony aza.



*Pasitera Mailhol, filoham-boninahitry ny GFFM.*

***Rajo***

Moramanga

## Mipetra-potsiny ho haingon-tanàna ny tsena

Hatramin'izao mbola tsy misokatra sy ampisaina ihany ny tsenan'i Moramanga. Tsena izay vita amin'ny endrika moderina sy manaraka ny fenitra tokoa ary anisan'ny modely eto amin'ny firenena. Natao makotroka ery ny fitokanana azy tamin'ny taon-dasa ary ny filohan'ny Repoblika Hery Rajaonarimampianina mihitsy no nidehadehaka nitokana azy. Fiaraha-miasa tamin'ny orinasa Ambatovy no nahavitana azy ary volabe no lany tamin'ny fanamboarana azy raha araka ny endriny. Midika ho misy olana ao matoa tsy mbola nampidirina tao anatiny ireo mpivarotra ary ny tompon'andraikitra tsy mahita vahaolana. Manahirana ny maso ny fikorontanan'ny tanàna noho ny tsy firindran'ny toeram-pivarotana sy tsena eo an-tampon-tanàna. Efa an-taonany maro ireo no teo ka nahoana no tsy tadiavana araka izay fomba haingana ny fandaminana azy ireo hiditra ao anatin'ity tsena vaovao ity?



*Ireo trano tsena vaovao any Moramanga.*

***Radafy***

Fampianarana

## Ahiana ho taona fotsy ny taom-pianarana 2017- 2018

Mahazendana ny maro ny fihetsika sy fitenin`Ingahy minisitry ny fanabeazana, Horace Gatien, izay nanamafy fa tsy hihemotra ny datin` ny fanadinam-panjakana fa ny CEPE dia ho ny 21 aogositra ary ny BEPC dia ny 3 septambra . Hatreto anefa dia tsy mianatra ny 95% ny mpianatra amin`ny EPP sy CEG ary Lisea ary efa ho roa volana izao no niato ny fianarana raha atotaly. Milaza ny minisitra fa efa najoro ny komity hamolavola sy hanomana ny laza adina . Saingy angaha rehefa vonona ny laza adina dia midika fa tsy maintsy hisy ny fanadinana ? Ary moa ve tena hanaiky hiverina hiasa ato ho ato tokoa ireo mpampianatra , izay ny ankamaroany dia tezitra tamin` ny avonavona nasehon` ny tompon`andraikitry ny fanabeazana , noho ny tsy namaliany na dia kely akory aza ny fangatahan`izy ireo ?Ary ireo mpianatra tsy nianatra tsy fidiny nandritry ny roa volana , moa ve tsy mbola tokony honerana ny fotoana tsy nianarany ? Raha hiverina hampianatra ny mpampianatra amin`ny herinandro dia mazava fa raha honerana ny roa volana tsy nampianarany dia efa mihoatra lavitra amin` ireo datim-panadinana napetraky ny minisitera ireo vao ho voaonitra izany. Sa hapetraka indray ny kitoatoa ka hisy ny programme limitatif ary dia ny ampahampahany amin`izay vita iha-ny no hanadinana ny mpiadina ? Ary efa vonona koa ve izany ny mpitsara satria hatramin`izay dia ireo mpampianatry ny sekolim- panjakana , izay mitokona ankehitriny , ireo hatrany no maro an`isa amin`ny fitsarana fanadinana ? Matoa napetraka amin`izao governemanta izao ny minisitry ny fanabeazana dia antenaina fa hahavaha olana sy hahay hifanakalo hevitra amin`ny mpanabe eto Madagasikara . Toa tsy izany anefa no misy ankehitriny fa toa hevitra bontolo sy tsy firaharahiana ny mpanabe no misy . Izay no efa nahakivy ny mpanabe maro raha vao nandre fa ny efa tonta sy mpamadipalitao ihany no nasaina niandraikitra ny fanabeazana ka dia mazava fa ny teo ihany no teo . Raha sanatria ka ho taona fotsy marina ity taona ity dia efa nanamafy ny mpanabe fa noho ny fizirizirian`Ingahy minisitra izay tsy manam-bahaolana no tena fototr`izany . Dia samy miandry isika fa ho hita eo tokoa ary izay hitranga momba ny fampianarana ato ho ato.

***Ny Valosoa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Tsy voajery ny fahasahiranan'ny mponina andavanandro

Saika variana any amin'ny lafiny politika tanteraka ny fitondrana Hery Rajaonarimampianina amin'izao fotoana izao. Miompana mandrakariva amin'ny resaka fifidianana no imasoany isan'andro miaraka amin'ny governemanta Ntsay Christian. Izany no ifotoran'ny tompon'andraikipanjakana. Ny fidangan'ny vidim-piainana anefa tsy mitsaha-miakatra andro aman'alina tsy miandry izay hisiana na tsia izany fifidianana izany. Maro amin'ireo sakafo filan'ny mponina fanjifany isan'andro no lafo vidy. Tsy mihinana sakafo manaraka kalitao sy ampy amin'ny habetsahana intsony ny vahoaka. Firy isan-jaton'ny Malagasy sisa, ohatra, no mba mihinana atody noho ny halafony? Ny vidin-kena, ny vary, izay mandainga izay milaza fa miha- mora ny vidiny; ny saribao handrahoan-kanina midangana ny vidiny; ny vidim-panafody sy saram-pitsaboana mampiteny ny moana; ny saram-pianarana efa mampilofika ireo ray aman-dreny maro, sns... Tsy mahamaika ary tsy ifotoran'ny fitondrana izany, fa resaka politika sy ady seza sy tombontsoa no laharam-pahamehana. Tsy sarotra ho an'ny fitondrana ny hitady vola rehefa ho amin'izany, fa rehefa ho amin'ny fanatsarana ny fiainam-bahoaka matetika ihodinkodinana. Tsy mampiraika ny fitondrana Hery Rajaonarimampianina ny fahafoana ara-tsakafo sy ara-pahasalaman'ny vahoaka Malagasy efa nandritra ny taona maro izao. Hampanofinofisina zavatra tsara fotsiny ilay vahoaka dia atao rorono an-tavy ny fomba hanatanterahana na hanatratrarana azy. Efa tsy misy intsony anefa fifampitokisana ary ny vahoaka no tena tsy matoky intsony ny mpitondra noho izay kabary resabe sy fampanantenana poak'aty natao azy hatramin'izay. Tsy hita soritra ho vonona haingana amin'ny famahana ny olana ara-tsosialim-bahoaka ny fitondrana. Ny mahamaika azy dia ny mandaroka baomba lakrimôzena ny mpanabe sy mpampianatra fa manohintohina ny sezany. Manasoa bebe kokoa ny vahoaka noho izy anefa ireo. Ka raha ny mpanasoa ny vahoaka indray no poretina sy darohana fa tsy mitady izay fomba azo atao rehetra hamahana ny olana na ny fitakiany inona no antenaina amin'izay tompon'andraikitra sy fitondrana eto? Dia ny vahoaka hatrany no mifafa ny kihony eto hatramin'izao. Ampy izay fanaovana an-tandrevaka ny fiainam-bahoaka izay sy ny fampahoriana azy.

***Sôh'son***

Fort- Dauphin

## Very olomanga, nodimandry Me Rakotozandry Jean Christophe



*Ny nofo mangatsiakan'ny depiote Rakotozandry Jean Christophe.*

Very olomanga ny faritra Anôsy. Lavo ny andrarezin'i Fort Dauphin. Nodimandry teo amin' ny faha 84 taonany Rakotozandry Jean Christophe, ny 28 Jona teo. Ray aman-dreinbe ity namoy ny ainy ity rehefa avy nanaraka fitsaboana teto an-dreni- vohitra hopitaly Ambohibao. Namakivaky ny lalam-pirenena faha7 ny nofomangatsiakany, nandrasana tao Ihosy toerana nandaniany ny androny, namakivaky an'Ambovombe Androy ary nipaka tao Fort Dauphin toerana niasany naharitra. Taitra avokoa i Fort Dauphin iray vohitra eny fa na ny any ambanivolo raha naheno fa nodimandry i Maitre Rakotozandry Jean Christophe. Azo lazaina fa very olomanga tia tanindrazana satria anisan'ireo Mpitolon'ny 47, 71/72, 2001/2009. Efa mambran ny CNPD, mpitolona tao amin'ny HVR, mpikambana tao amin'ny HAE, depiote voafidy tao Fort Dauphin . Amin'izao nahalasan'ny Ray aman-drenin'i Fort dauphin izao, maro ireo havana aman-tsakaiza no namangy ny nofo mangatsiakany. Ny alarobia teo no nentina tany Ranomafana Ambolo ny razana haterina any amin'ny fasan-drazana.

***Mangarahara***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Olana etsy eroa, fanalana ireo ministra HVM no vahaolana

Sempotra ny fahitana ny fanjakana amin'izao fotoana izao satria mipoitra daholo ny karazana olana kanefa tsy misy voavaha . Olana etsy , olana eroa ! Ny tena marina dia azo natao tsara ny nisoroka ireny olana ireny saingy be loatra ny miseho ho mahay ao andapa ao dia izao no vokany . Raha toa ohatra ka natsangana araka ny tokony ho izy ny Governemanta ankehitriny izany hoe nanaraka ny antsakany sy andavany ny didim-pitsarana navoakan'ny Fitsarana avo momba ny Lalampanorenana (HCC) dia tsy ho toy izao ny rivotra politika eto amin'ny firenena . Raha ny firafitry ny Governemanta ankehitriny tokoa mantsy dia mbola ahitana Ministra maro avy amin'ny Hvm izay antoko tsy nanana kandida Solombavambahoaka tamin'ny fifidianana. Ny fisian'ireo Ministra Hvm ireo no anisan'ny tsy mampandeha ny raharaha eto amin'ny firenena. Raisin'ireo mpanao fitakiana ho fanambaniana azy ireo mantsy ny mbola nanendrena Ministra Hvm . Raha toa ary ka hamaha olana dia tokony hisy ny fanamboarana ny mpikambana ao anaty Governemanta ka esorina daholo ny Ministra Hvm . Raha izay no mitranga dia tsy hisalasalana fa hidina farafaharatsiny ny marimpana eo amin'ireo mpanao fihetsiketsehana . Hatramin'izao anefa dia tsy hita taratra izany fanamboarana ny mpikambana ao amin'ny Governemanta izany . Isak'izay anontaniana ny mpitondra dia milaza fa ny fanatanterahana ny fifidianana no tena imasoan'izy ireo satria izay no iraka goavana asaina ataon'ny Governemanta Ntsay . Tsy misy mandà izany saingy tsy midika izany fa ho atao anjorom-bala ny fiainambahoaka . Mbola olana tsy voavaha ny an'ny mpitatitra , olana ny an'ny mpampianatra , olana ny an'ny eny amin'ny Oniversite Ankatso sy ny maro tsy voatanisa... Etsy andaniny , efa nandray ny vola fanampiana avy amin'ny sehatra iraisam-pirenena ny fitondrana ny amin'ny hikarakarana ny fifidianana, izany hoe tsy afaka miala intsony satria efa nandray vola hanatontosana izany fifidianana izany ; ny volan'ny avy any ivelany rahateo tsy azo hanaovana mandidy dia homana fa hampiasaina amin'ny fifidianana sady misy rahateo ny mpanaramaso vahiny . Matoa ny solontenan'ny Pnud no nandray ny vola fanampiana avy amin'ny Vondrona Eropeana hanatontosana ny fifidianana dia tsy mahatoky ny hitantanan'ny Malagasy samirery izany vola izany ny vahiny . Efa malaza mantsy isika Malagasy amin'ny fanaovana lava tanana rehefa mahita vola . Sahirana Rafanjakana satria tsy voavahany ny olana izay miitatra hatrany. Ny mampalahelo amin'ity raharaham-pirenena ity dia ny vahoaka hatrany no mpizaka ny vokatry ny tsy fahaizana sy ny faharatsian-toetran'ny sasany , izay no marina, sa ahoana hoy ianao ?

***Rina Rabemananjara***

FANABEAZANA

# Rariny ny fitakian'ireo mpampianatra

Tsy mbola ahitana vahaolana hatramin'izao ny fitokonana ataon'ireo mpampianatra, ary faritra maro eto amin'ny Nosy no manatanteraka izany. Noho izay antony izay, mampanahy ny hisian'ny taona fotsy eo amin'izay sehatry ny fanabeazana izay, izany hoe: tsy hisy fanadinana. Rariny ny fitakian'ireo mpampianatra satria izy ireo no tena kitro ifaharan'ny fampandrosoam-pirenena amin'ny fanabeazana ireo ankizy sy tanora handimby. Ny mpitatitra aza vao nihetsika 24 ora dia nomena valiny, koa rariny koa raha homena izay takiany izy ireo, izay efa nitolona nandritra ny 2 volana teo izao. Any Belo Tsiribihina, tsy hiverina hampianatra ny mpampianatra raha tsy hita ao anatin'ny kaonty "mobile money" ny vola 100 000Ar tokony ho azy ireo, raha ny vaovao azo avy any an-toerana. Ny tsara ho fantatra ny mahakasika ny fitakian'izy ireo:

* Allignement de la Grille indiciaire

* Code rubrique 512 : 100 000 ariary

* Code rubrique 517 : 100 000 ariary

* Code rubrique 530 : 100 000 ariary

* Code rubrique 570 : 100 000 ariary

* Indemnité de préparation et correction : 100 000 ariary

* Recrutement FRAM : 10 000 postes par ans.

* Subvention FRAM : ampiakarina ary ara-potoana.

DROIT ACQUIS

* Avancement, Mandattement, Reclassement par diplôme, * * Rappel de soldes.

* Vaccation et Subvention : fa dia tsy ara-potoana sady misy mbola taona maro tsy voaloa.

Ireo nampanantenaina nefa tsy notanterahina :

* Indemnités Spécial pour les personnels du MEN : 100 000 ar à compter Janvier 2017.

* Fanapariahana ny prise en charge sy remboursement frais médicaux eny anivon'ny faritra.

* Catégorisation II, III, IV

* Bonification ho an'ireo nandalo Fram ho solon' ny fanafoanana contrat lavareny.

RECRUTEMENT : Nankaiza ny 6 000 postes budgetaires mameno azy ho 10 000 satria dia 4 000 fotsiny no nandeha amin'izao nefa rehefa noporofoina dia tsy nomena ny tafika izany ? Ankoatra izany, mba azon'ny mpitondra fanjakana hazavaina ve ny lojika nahatonga izao:

\- Mpitandro ny filaminana manana BEPC (Sergent chef) mikarama 3 000 000 Fmg (600000 Ar) ;

\- Mpiasan'ny finance manana BACCALAUREAT mikarama 3 000 000 Fmg (600000 Ar + primes ) ;

\- Mpampianatra manana LICENCE BAC+3 mikarama 2 000 000 Fmg (400000 Ar).

Ny eto Madagasikara irery ihany no firenena ka izay mpiasam-panjakana tsy ampy solaitra na tsy ampy fahaizana indray no tena be karama... Izany dia toa mandrisika ny taranaka malagasy tsy hianatra ve izany ny mpitondra fanjakana malagasy? Noho ireo antony ireo tsy rariny ny manjo ireo mpanabe sy mpampianatra Malagasy, rariny ny fitakiany ary mila valiana haingana izany.

***Ny Valosoa***

Sazalahy Tsianihy (TIM)

# Ravao ny CENI, ataovy mazava ny lalam-pifidianana

Tsy matahotra fifidianana ny mponin'i Toliara hoy ny mpandrindrampaaritra Tim any amin'ny faritra atsimo andrefana raha naneho ny heviny mahakasika ny toe-draharaham-pirenena ankehitriny ny tenany. Novaliany mantsy ny tenin' ny sasany fa matahotra fifidianana ny filoha Marc Ravalomanana. Vonona izahy hoy izy, ary vonona ny kandida Ravalomanana, fa ravao aloha io governemanta io, dia ovay koa ny Ceni, dia arosoy ny fifidianana dia



*Ny mpandrindra ny antoko TIM any Toliara, Sazalahy Tsianihy.*

aleo ny vahoaka hitsara izay tiany hitondra azy. Nambarany ihany koa fa raha izao mitranga eto amin'ny firenena izaao, toy ny tsy fitoniana, ny tsy fandriampahalemana ahitana vono olona sy fanakanan-dàlana etsy sy eroa ary ny halatr'omby eny ambanivohitra, ny asan-dahalo sns... dia sarotra ny hanatanterahana fifidianana amin'ity taona ity na dia efa nilaza aza fa vonona ny vola entina manatanteraka fifidianana amin'ity taona ity. Tokony hazava ihany koa ny lalàm-pifidiana amin'izao. Fantatra fa kandida nefa manao praopagandy sahady toa an'i Andry Rajoelina any amin'ny faritra atsinanana iny , dia lazaina fa manazava amin'ny vahoaka ny IEM lazaina fa hitondra fampandrosoana eto Madagasikara. Fivarotana tanindrazana amin'ny vahiny tsotra izao anefa io IEM io. Ny tsy azo hadinoina anefa dia i Andry Rajoelina sy ny forongony no nanapotika ity firenena ity tamin'ny fanonganam-panjakana ny taona 2009 ka tsy mbola tafarina izany hatramin'izao.

***Rajo***

NY VALOSOA VAOVAO



## Fitondrana miady amin'ny mpampianatra

**Arp Helisoa :** vao maika ny fanjakana miady amin 'ny mpampianatra, hampilamina firenena ve izao? Ity no atao hoe fitondrana miady amin'ny mpampianatra, fitondrana tsy alehany mihitsy. Horace Gatien miala ihany no vahaolana.

**William Rajao :** dia zao foana no mba valin-teny rehefa mitaky, lacrymogène, nefa ny mpitatitra 1 andro fotsiny no nanao hetsika dia efa mikoropaka ny fitondran'i Mpampiesona. Tsy tokony hihemotra hatramin'ny farany ny mpampianatra, rariny ny fitakian'izy ireo amin'izao fidangan'ny vidim-piainana izao.

**Ra Andry :** tsy hitako izay zavatra niova nentin'ity governemanta vaovao ity, toa manohy ny ratsy teo aloha ihany, miala Rajao, miala Horace Gatien fa samy tsy mahavaha olana daholo.

**Dominique Herault :** hihi efa niteny aho heo nahazo toerana ny Mapar dia handefa lacry @ izay hihi! mbola ho avy ny eo @ 13 Mey. ny tompon'andraikitra voalohany dia ny 1er ministra Mapar hihihhii! Raha tsy izy no nanome baiko tokony hiteny ampahibemaso.

**Roland Ratiarivelo :** Efa nahazo place ny équipe- nî général bomba fa aza gaga ianareo ô!

**Tiana Sembic :** Zai anie no itolomana anasorana le general redoublan io fa zao foana ve no anaovana ny vahoka tsy zao mintsy no fomba atao hampiverina azy ireo hampianatra ny zanabahoaka, ny dahalo ary mampahory sy mamono vahoaka tsy hita ze atao fa ny vahoaka ts manana fitaovam-piadina no atao otrzao.

**Desire Ratsimandresy Ratsimandresy :** sao tsirariny kos e! mpampianatra mitaky ny zony ve no darohana toy izao, tsy rariny intsony: miala Rajao, miala Ntsay, miala Horace Gatien,...

TONONKALO

## FITONDRÀN-JIOLAHY ?

Jiolahy ankehitriny no mitondra firenena
Ka mitombo hatrany hatrany ireo karazam-pahavoazana ?
Ny mpampianatra , indrisy , toa odiany tsy jerena .
Lasa tena ambanin-javatra ny olana amin`ny fanabeazana.

Vahaolana , tsy misy , teny an`avona no re
Avy amin`iretsy izay milaza ho solontenam-panjakana.
Tena tsisy vidiny aminy izany atao hoe "mpanabe",
Fa baomba no entiny mandrava irony hetsi-panovana.

Zaza Malagasy maro no indreo mirenireny,
Fa mikatona tanteraka ny sekolim-panjakana.
Manoloana izany anefa dia manohy ny hagegeny
Sady manakimpy maso ny ao anaty fitondrana.

Misy ny "olona atahorana" ka matetika tambazana,
Ary omena valiny haingana sy tolorana `zay tiany.
Saingy ny ao anaty sehatra sy tontolom-panabeazana
Dia atao "tsy misy vidiny" , izy sy ny fitakiany.

... Fa izay ilay fitondrana izay mijoro ankehitriny,
Fitondrana lo tanteraka , tsy mitsinjo ny vahoaka.
Ireo ilay jiolahy mpandroba tamin` "iny lalana iny",
Be kabary , mpievotrevotra, saingy tena tsisy hapoaka .

***DADAN`i RIANA (06-07-18)***

MONDIAL 2018

# Tafakatra amin'ny 1/2-dalana i Frantsa










Ho maro ny fiovana eo amin'ireo ekipa sangany any Eoropa aorian'ny Mondial 2018 efa hadiva hifarana any Rosia . I Cristiano Ronaldo izay nilalao antaonany maro tao amin' ny Real de Madrid ohatra dia hifindra lasy any amin'ny Juventus de Turin Italie . Ny ekipampirenena Allemande dia ho ravana tanteraka ka ho mpilalao vaovao daholo no handrafitra izany ekipa Allemande izany amin'ny Euro 2020 . Eo amin'ny Mondial kosa dia mbola sarotra hatrany ny haminavina izay handrombaka ny amboara satria mitovitovy ny fahaizan'ireo miatrika ny ampahaefadalana . Ho hita eo ihany izay hitranga fa ny azo hambara ihany koa dia mety hisy ny tsy ampoizina . Tsy nisy nanampo ohatra ny nodian'ny Alemà sy ny Espagnole ary ny Argentin izay nandiso ny vinavina hatrany amboalohany . Fa ny fanamarihan'ny maro eny antsefatsefany eny dia ny hoe : mba rahoviana ny Malagasy vao mba ho tafita amin'izany Mondial izany ? Dingan'ny famaranan' ny CAN sy ny CHAN, na fiadiana ny amboara sy ny tompon-dakan'i Afrika ho an'ny ekipam-pirenena aza isika mbola tsy tafavoaka amin'izany hatreto, ka mbola ho nofinofy ihany izany hiatrika ny dingan'ny famaranan' ny Mondial izany. Aty amin'ny faritry ny ranomasina Indiana ihany isika no mamiratra fa raha vao ivelan'izay dia resy lava . Azo atao tsara anefa ny ho tonga any amin'ny Mondial satria vitan'ny hafa ve tsy ho vitan'ny Malagasy ? saingy mila finiavana ny fahatongavana amin'izany fa tsy vitan'ny nofy antoandro, sa ahoana hoy ianao?

Fa momba ny lalao omaly, tafakatra amin'ny 1/2-dalana i Frantsa raha nandresy an'i Uruguay tamin'ny isa 2 no ho 0. Brezila sy Belgique dia mbola tsy tapitra tamin'ny fotoana nanoratana. Fandaharan-dalao anio sabotsy amin'ny 1/4-dalana faha-3 sy faha-4:

-sabotsy 7 jolay:
17h Suède- Angletera
21H Rosia- Croatie

***Rina Rabemananjara***

Pullman Ivandry

## Karana vavy indray no nisy naka an-keriny



*Teto no nakana an-keriny ilay karana vavy.*

Pulman Ivandry, karana vavy iray indray no nisy naka an-keriny. Karana vavy, fantatra amin'ny anarana Sabera Vasram, no nisy naka an-keriny oamly tamin'ny 1 ora tolakandro teo teny Ivandry, akaikin'ny Pullman. Fiara 4x4 roa no nampiasain'ireo mpaka an-keriny ka marika SORENTO ny iray, ary lava ranjanana avokoa ireo lehilahy teratany Malagasy nanatanteraka ny fakana an-keriny. Nitondra fiara Audi Q5 ilay Karana vavy ary teo ampanaovana "manoeuvre" teo amin'ny parking iny indrindra izy no avy tampoka nively tamin'ny maritoa ny fitaratra amin'ny faritra misy ny mpamily, ireo mpaka ankeriny namoahan'izy ireo ny varavarana namoahana avy ao ilay karana. Niezaka nanidy vavahady ireo mpiambina ny toerana saingy voaambana basy ka tsy nahetsika. Tranga kidnapping faha-9 nikendrena teratany karana, niseho tamin'ity taona 2018 ity io nitranga teny Ivandry omaly antoandro teo io, taorian'ny niseho tany Mahajanga.

***Ny Valosoa***

## Sakafo Ny Valosoa



**Ro-patsa sy ovy sy henomby** indray no laoka eto amin'ny Sakafo amin'ny gazetintsika androany. Ny zavatra ilaina dia nofoken'omby, ovy, tongolo be, voatabia, sakamalaho, sira, patsa mena, menaka kely. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny zavatra atao raha malaina misotro rano



Ny zavatra atao raha malaina misotro rano. Mihinana voankazo sy legioma. Betsaka ireo voankazo sy legioma no mitondra rano, toy ny voasary , frezy , voazavo , kaokaombra , voatabia manta sns... Tsara araraotina izy ireny , ho an'ireo olona tsy zatra misotro rano amin'ny andro mangatsiaka. Ankoatra ny rano dia mitondra otrikaina sy "antioxydant" maro ny voankazo sy legioma. Mihinana lasopy sy ron-dasopy : Endrika iray hidiran'ny rano ao anatin'ny vatana koa ny mihinana lasopy sy ron-dasopy. Mba tsy hitomboan'ny hetaheta indray anefa dia kendreo tsy hasira loatra izany. Izy matsatso iny aza no tena ara-pahasalamana. Mangatsiaka ny andro ka rano mafana no safidianantsika kokoa , rehefa hisotro rano ihany. Tsy voatery ho izy matsatso iny foana rahateo no sotroina , fa azo hasiana hanitra , toy ny voankazo. Androtsaho silaka voasarimakirana , na ravina solila , na vovoka kanelina , na ravina persily... ao anaty rano 1 vera avy nangotraka.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Toamasina



Ny tanànan'i Toamasina na Tamatave indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androaany. Toamasina no renivohitry ny faritra Atsinanana. Any amin'ny 353 km miala ny renivohitra Antananarivo no misy azy. Tanàna mafana sy be orana i Toamasina, 24°C eo ny salan'ny mari-pana any mandavan-taona, 3500 mm eo ny habetsahan'ny orana mandritra ny taona. Ilay Frantsay Flacourt no nanova ny anarany ho Tamatave tamin'ny taona 1655. Tamin'ny andron'ny Mpanjaka Radama I kosa raha tonga tany Atsinanana izy ka nanandrana ny ranomasina dia nilaza fa toa masina izy izany, izay koa no voalaza fa nahatonga ny anarana Toamasina. Nanomboka ny niroborobo ny fifanakalozana tany Toamasina tamin'ny nanjakan'i Radama I (1816-1828), nisian'ny varotra Andevo nankany ivelany ka tany Toamasina no nanondranana azy ireny. Seranan-tsambo lehibe indrindra eto amin'ny Nosy koa izy, izay namboarin'ny Frantsay sy ny Alemà tamin'ny taona 1929. Anehitriny izy dia nomena anarana koa hoe renivohitra ara-toekaren'i Madagasikara, noho io fananany seranan-tsambo lehibe indrindra io, ary tanàn-dehibe faharoa eto Madagasikara izy, ao aorian'ny Renivohitra Antananarivo. Vokatra aondrana ao ny lavanila, jirofo, kafe. Orinasa lehibe any an-toerana hatramin'ny taona 2007 ny tetikasa Ambatovy, mpamokatra Cobalt sy Nickel avy any Moramanga.

G.E.T.M.

# Taratasy misokatra ho an'ny Filohan'ny Repoblika : Tsy mety amin'ny malagasy ny mifidy



« GROUPEMENT POUR L'EDIFICATION DE LA THEOCRATIE A MADAGASCAR ou G.E.T.M »

*société civile laïque*

**Siège social: lot 126B/3603 Antarandolo Fianarantsoa Tél: 03205 20946, 03405 20946**

Fianarantsoa faha 4 Jolay 2018

Ho an'Andriamatoa hajaina Hery RAJAONARIMAMPIANINA, Filohan'ny Repoblika

**Votoatiny:** Famahana ny olana ankehitriny.

**008 - GETM/18**

**Fampatsiahivana:** Boky mitondra ny lohateny hoe: "Hipetraka aorian'ny Repoblika faha IV ny Fanjakan'Andriamanitra ety an-tany" nalefa araka ny taratasy laharana faha 007-GETM/18 tamin'ny 28 Martsa 2018.

Andriamatoa Filoha,

Voninahitra lehibe ho anay mpikambana ao amin'ny G.E.T.M Fianarantsoa no mbola manoratra am-panajana indray ity taratasy ity aminao fa tsy ahita vaha olana amin' izao krizy mahazo ny firenena malagasy ankehitriny izao mihitsy ianao Andriamatoa Filoha afatsy ny manaraka ireo voasoratra ao anatin'ny boky izay nalefanay taminao ary voatsiahy etsy ambony. Raha tsy mazava aminao ireo vaha olana naroso ireo dia azo-nao atao tsara ny mampiantso ny Filohan'ny Fikambananay izay nanoratra io boky io .

Ankehitriny dia namoaka ny tetiandrom-pifidianana izay ho Filoham-pirenena amin'ity taona ity ny Governemanta ankehitriny.

Izahay dia tsy sasatra miteny mba ho tombotsoan'ny firenena fa tsy mety mihitsy amin'ny malagasy izay vahoakan'Andriamanitra sady firenena masina ny Lalàm-panorenana mifototra amin'ny demokrasia (teny frantsay nogasiana ary teny avy amin'ny teny grika izay midika hoe "ny vahoaka no manjaka"), demokrasia izay ry zareo grika mpanompo sampy tamin'ny taona 334 talohan'i JK no namorona azy ka tamin'ny alàlan'ny fifidianana ny am-pahan' ny vahoaka entina izay ho lasa mpitondra no anehoan-dry zareo izany demokrasia izany. Raha atao amin'ny teny mivantana ny fanazavana (ary miala tsiny an'ireo izay mankasitraka ny demokrasia) dia toy izao ny tiana hambara:**"RAFITRA SATANIKA re tompoko ô izany FIFIDIANANA izany!"**

Fa ny mifanohitra amin'ny demokrasia kosa no mety amintsika malagasy dia ny teokrasia izany (teny frantsay nogasiana ary teny avy amin'ny teny grika izay midika hoe "Andriamanitra no manjaka").

Mampahatsiahy izahay fa raha ny teokrasia no fototra iorenan'ny Lalàm-panorenana malagasy dia ity izay ho lazainay manaraka ity koa no mbola anisan'ny tombotsoa azo avy aminy, ankoatran'ny fialàn'ny mala-gasy amin'ny fahantrany ankehitriny:

Tsy misy intsony izany fifidianana izany fa fanendrena kosa no isafidianana ireo mpitondra fanjakana.

Ny fikarohana izay natao dia nahitàna fa avy amin'ny fifidianana no teraka ny antoko politika. Ny fisia-n'ny antoko politika teto Madagasikara anefa no nampiady mivantana na ankolaka ny samy malagasy hatra-min'izay,1947:MDRM-PADESM,1971:PSD-MONIMA,1972:PSD-AKFM,1991:AREMA-HVRasalama,2002: AREMA-KMMR, 2007: TIM-TGV. Izao indray, ary tamin'ity taona 2018 ity dia ny MAPAR.TIM sy ny HVM no miady ary nisy ny faty olona. Koa raha tsy misy ny fifidianana dia tsy hisy ihany koa ny antoko politika, noho izany hiverina ho azy toy ny tamin'ny andro talohan'ny taona 1896 ny fihavanana samy malagasy ary mazava arak'iza-ny fa tsy mila akory andrim-panjakana toy ny "CFM" hampihavana ny samy malagasy.

Ankoatran'izany, izao ankehitriny izao indray, vao ny lalàm-pifidianana ihany no natolotra ho lanina teo anivon'ny Antenimieram-pirenena dia efa ady saritaka tsy fankahitana sahady no hita teny ary fototry ny krizy amin'izao fotoana izao izay namoizana ain' olona, maika moa raha hatao tokoa izany fifidianana izany indrin-dra indrindra ny hiseho aorian' ny vokam-pifidianana? Angamba dia ho an-jatony maromaro toy ny tamin'ny taona 2002 indray ny isan'ny faty olona izay hitranga eto Madagasikara.

Koa atsipy ny tady eny an-tandroky ny omby ary atsipy ny teny eny am-pon'ny manam-panahy.

Eto am-pamaranana dia raiso Andriamatoa Filoha hajaina ny voninahitra ambony indrindra atolotray anao.

Amin'ny anaran'ny mpikambana,
Ny Filoha
**RAHARIMALA Andriampenotiana**
Mpikaroka malagasy eo amin'ny sehatra ara-baiboly

## NY TENY FIAINANA

**Matio 10:38**

*Ary izay tsy mitondra ny hazo fijaliany ka tsy manaraka Ahy dia tsy mendrika ho Ahy.*

## Proverbs 1: 7

# Prophecy and revelation for all world

***Proverbs 1: 7 "The fear of the LORD JEHOVAH is the beginning of knowledge, but fools despise wisdom and discipline."***

My way is unsearchable and one who believe can well be saved. The earth is furious so it is full of changements and destructions. As you don't know the SCRIPT and its meaning as you don' t know what will happen in your life, it's viable in each country though; I write through the prophet, it's My manner and no one can stop ME. Because of MY LOVE, because ME JEHOVAH am LOVE too, I want to see MY GLORY and MY MAJESTY in each country.



So I tell you : don't depend on your INTELLIGENT or on your KNOWLEDGE , or on your WISDOM. Don't trust in yourself, and don' t trust in your wealth or in your money, these are easily vanished and easily perishable and pass away. Let have GUARANTEE : well knowing ME JEHOVAH and fearing of ME and serving to JESUS WHOM I gave you that you may have life, and have it to the full. John 10: 10b : "I have come that they may have life, and have it to the full.". The future will happen necessarily if you want or not : great countries will point the finger to each other and then when they don't agree to gather and to come round to their opinion, they will split up, they make proposition : let share together something so and so but helas you can't see the truth, the worldwide economy will crash down because of different reasons, a lot of people will loose their job and will complain because of the inflation, advantages will be reduced or taken off, the law will be repealed, the leaders will be changed little by little, numerous will be rejected the voted in his nation, the human kind will be so mixed up that under the sun, so you can't separate the autochtone out of the strangers. A lot of leaders will abdicate because of the situation. You human being are not arrived into MY PROGRAMM , you seem be tired and tired. You wait for the result but the problems increased, their wars : the people are hungry and tired. It is the same in the great and little country. It's the same for the undersuned people. So is MY SPEECH to you human being! Without exception on the earth. Don' t forget you dig your one ditch to fall in. I am the only SALVATOR. I did a REAL WORK between you but you have disagreed. In Sodoma and Gomorrah the people want to kill Lot MY messenger preached repenting and salvation from ME. MY SALVATION don't stay there but I instaure it during the reign of David when he fight the hard for it, it was given to Solomon. Especially when I sent JESUS in the world. It is the latest SALVATION, so be aware people and the four coins of the earth because the day and hour are very close. Yet it is the last time so receive it if not you will regret. It is high time to receive salvation and remission. Micah 7: 2 "The godly have been swept from the land, not one upright man remains. All men lie in wait to shed blood, each hunts his brother with a net." Don't forget that all things are secrets so you need to depend on ME JEHOVAH. The first solution I give you is JESUS. If you can answer these questions you can save yourself and your nations. Tell ME : how many hails are falling once a day? Where is the darkness disappeared? And the hell where is it come from? What is their discussion? Tell ME how many are your hair? How many wide animals are in the forest? Where is MY throne? How seems it? How many stars exist and how are their glory, their action on the earth, what kind of organization exist between them? It's only an exemple by return to ME JEHOVAH only. MY SPEECH says : Amos 5:4 "This is what the LORD JEHOVAH says to the house of Israel : seek ME and live." Proverbs 3: 7 "Do not be wise in your own eyes, fear the LORD JEHOVAH and shun evil." Proverbs 27: 1 "Do not boast about tomorrow, for you do not know what a day may bring forth." Jeremi a h 18: 11b "So turn from your evil ways, each one of you, and reform your ways and your actions." I want to reveal to you that even this message come from Madagascar, it doesn't mean that I don't consider the other countries. Jeremiah 23: 23 "Am I a God nearby, declares the LORD JEHOVAH and not a God far away?"

Is ME only JEHOVAH for Madagascar only? No! No! but I am JEHOVAH for the all world. I only begin the great RESTAURATION in the world and then future proch I'll do it through the all world. I begin it through the latest spiritual revival and it will have a great echo in the all world and they will see MY GLORY and MY MAJESTY, MY STRENGTH? My POWER, just only follow this MESSAGE without interruption. You are very distract by the kingdom wars and by the intern wars but I prepare the raising of the HEAVEN KINGDOM under the sun.

Alleluia!
Amen!

JEHOVAH THE ETERNAL KING
**E-mail:** jehovahandriamanitra@gmail.com
**Facebook :** Jehovah Andriamanitra page, know every thing
**Newspaper:** Gazety Ny Valosoa Vaovao on Tuesday and Saturday

ANDRAVOAHANGY SY NY MANODIDINA

## Nanampy ny Boriboritany faha-3 nanao fanadiovana faobe ny mpiasan'ny CUA rehetra

Nidina nanao fanadiovana faobe tetsy amin'ny Boriboritany fahatelo ny mpiasan'ny kaominina Antananarivo tsy akanavaka ny alakamisy teo; hetsika tafiditra ao anatin'ny vinan'i Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana: "Tanàna madio fivarotana madio", izay niraisan'ny mpiasa rehetra manerana ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) , ka nitarika izany ny Sekretera Jeneraly Heriniaina Razafimahefa sy ny Lefitra voalohan'ny ben'ny Tanàna kolonely Emilien Ramboasalama ary ireo Delege 6 eto an-drenivohitra, avy ao amin'ny fiadidina ny tanàna. Nodiovana tamin'izany ny faritra Andravohangy sy ny manodidina toy: ny tsenan'Andravoahangy , Manjakaray; Ambodivona, Ankorondrano , Besarety, Behoririka. Araka ny nambaran'ny Delegen'ny Boriboritany fahatelo Rado Andriamamonjisoa, anisan'ny nosafidiana manokana ihany koa ny teo amin'ny tsenan'Andravohangy izay hita fa tena maloto vokatry ny ataon'ireo mpivarotra isaky ny Alarobia. Manentana ireo mpivarotra rehetra sy ny tokantrano tsirairay ary ny olona mpandeha an-tongotra izy mba hanaja ny fahadiovana, tsy hanarinary fako eny rehetra eny ary mila manana dabam-pako ny mpivarotra, sy manadio ny tsena rehefa avy mivarotra. Mila hovaina ny toetsaina hoy ny Delege. Niara-nisalahy nanampy ny mpiasan'ny kaominina ihany koa ny mpivarotra tao amin'ny tsenan'ny "étale" sy ireo avy amin'ny Antoko TIM (Tiako i Madagasikara) avy amin'ny boriboritany fahatelo. Fitaovana maro no nampiasaina tamin'izany toy ny fiaran' ny mpamonjy voina nanasa ny faritra, sy ny fiara mpitatitra ireo fako, sy ny maro hafa…..



*Ny fanadiovana tao amin'ny Boriboritany faha-3.*

**Aly**

Boriboritany faha-5 (CUA)

## Nanatanteraka didimpoitra maimaimpoana faobe

Notanterahina ny alakamisy teo ny didimpoitra faobe maimaimpoana te-ny amin'ny Boriboritany fahadimy amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Nitarika ny hetsika ny delegen'ny Boriboritany, RAKOTO Emmanuel Richard ary nanotrona izany ireo to-mpon'andraikitra sy ireo Mpanolotsaina avy eo anivon' ny fiadidina ny tanànan'Antananarivo. Zazalahy manodidina ny 60 isa mahery avy amin'ireo fianakaviana sahirana eo anivon'ireo fokontany 27 ao anatin'ity Boriboritany ity no nisitraka iza-ny, ary nisy ny fizaràna baolina, malabary ary biscuits ho an'ireo zaza natao hasoavana. Vokatry ny fiaraha-miasa amin'ny Clinique Fidy eo Ambatomainty izay efa mpiara-miasa akaiky amin'ny Boriboritany fahadimy ihany koa no nahafahana nanatontosa izao didim-poitra faobe izao. Efa fanao isantao-na ity hetsika fizaràna fahasoavana ho an'ny vahoaka ity ary araky ny toromarika sy vinan-dRamatoa Ben'ny tanàna, Lalao RAVALOMANANA, satria izy dia mikatsaka mandrakariva izay ahasoa ny mponina eto amin'ny Renivohitra.



*Ny didimpoitra faobe maimaimpoana tetsy Ambatomaity.*

**Aly**

Kista amin'ny loha

## Zazakely nodidiana, mitady fanampiana ny fianakaviany

Rajaona Fitahiana Avotriniaina no anarany, zazakely mila fandidiana izy ka mitady fanampiana noho izany ny fianakaviany. Vao 1 volana sy herinandro i Avotra dia nandalo fandidiana. Voalazan'ny mpitsabo fa misy rano ao amin'ny lohany ka tsy maintsy ma-ndalo fandidiana maika izy. Rehefa nandalo échographie, scanner, sns... Dia ilay kista tao amin'ny lohany no maika indrindra satria mampifanitona azy. Rehefa afaka ilay kista dia natao indray ny fandidiana manaraka hanalana ilay rano, izany hoe asiana tuyeau na valve mandalo ny atidohakeliny dia manary mankany amin' ny kibony. Ankoatr'ireo anefa dia nisy fandidiana hafa koa natao, toy ny trajet izany hoe eo amin' ny tendany no lavahana dia eo no fiainany. Tsy nety anefa ilay fametahana valve ka tsy main-tsy hodidina indray izy ka hafindra amin'ny ankavanana amin'ny ila lohany izany. Efa nahatratra in-4 ny fandidiana natao an'i Avotra, 18 mois izy izao ary efa 3 volana izy no ao amin'ny Hopitaly HJRA. Koa ra-ha misy azo hanampiana ny fianakaviany dia mankasitraka izany ny ray aman-dreniny. Raha mila fanazavana fanampiny dia afaka mi-antso ny 033 11 278 72 (Rajaona Olivier rainy na Veve).

**Ny Valosoa**

Fanadinam-panjakana 2018

## Ahiana ho taona fotsy

Mbola mihenjan-droa ny tady eo amin'ny ministeran'ny fampianarana sy ny sendika samihafa. Ny minisitera milaza fa tsy mihemotra ny datim-panadinana eo amin'ny Cepe, ny Bepc ary ny Bakalorea amin 'ity taona ity. Ny etsy andaniny efa milaza toy ireo sendikan' ny mpampianatra mpanabe fa tsy misy fanadinana vanona eo raha tsy mivaly ny fangatahan'izy ireo. Hatreto izany aloha dia mbola baraingo ny hisian'ny fanadinam-panjakana amin'ity taona ity. Ny mampalahelo dia ireo ray aman-dreny nan- dany vola tamin'ny zanany, indrindra fa ireo mianatra any amin'ny sekoly tsy miankina satria ny vola mandeha, nefa ny fanadinana tsy misy. Samy mandeha samy mitady moa satria rehefa tsy misy ny marimaritra iraisana, dia ny ankizy no lasibatra hatrany. Tokony hitadiavan'ny fitondrana vaha- olana haingana izao raharaha izao fa mijaly ny ray aman-dreny sy ny mpianatra, toy izany koa ny manabe izay efa ela niharetana tamin'ny karama vary masaka.

**Rajo**

## Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra alefa amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao manaraka izao. Iniana tsy noresahina nandritry ny fampielazan-kevitra nefa dia zava-nisy : mitohy ny fampielezan-kevitra ataon'i Andry Rajoelina sy ny manodididna azy ; anisan'ny tranga nisy saingy iniana tsy resahina ny zava-nisy tao Maroantsetra raha narangarangan'ny olona ny banderole miresaka ny bois de rose t@ tetezamita izay nametrahan'izy ireo ny fanontaniana mikasika ny vola t@ izany bois de rose izany !!!! Hatreto aloha dia tsy misy fandraisana andraikitry ny gouvernement sy ny CENI (Reaction) ny mikasaika io fandikan-dalàna mikasika ny fifidianana hitam-poko hitam-pirenena : fampielezan-kevitra mialohan'ny fotoana ataon'i Andry Rajoelina mpanongam-panjakana io ; izay fihetsika efa mampiseho sahady fa mbola ho betsaka ny fandikan-dalàna mbola hisy sy hataony (tsy refesi-mandidy) izay filalaovana ny fiainam-pirenene tsotra izao efa nataony tamin'ny Tetezamita. Andrasana ihany koa ny mety ho hevitr'ireo kandida hafa maoloana ny zava-misy

***Mamonjy Ny Rina***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

Tovovavy mpivaro-tena

## Nijoro vavolombelona fa nahazo vady vazaha

***Tao anatin'ny taona maro dia an-jatony ireo nahazo fahasoavana tamin'i Madame Noelah 03313 090 13 sy ny 03461 328 62 mpitsabo eny amin'ny 67 Ha atsimo.***

Santionany tamin'izany ny tsy nety nahita vady, ny manana vady maditra nampijaly vady sy tsy mampidi-bola ao an-tokantrano, ny tovovavy te-hanambady vazaha, ny olon-tsy mety miteraka sy manan-janaka fa tratry ny olana foana, ireo tsy mety mahita asa nefa mba te-hiavotra toy ny olondrehetra, ireo tsy mety tamàna amin'ny asany fa votsotra foana, ireo tratry ny sakana samihafa amin'izay rehetra ataony, ireo manana ihany fa mihelina sy mandalo dia rava, ireo tratry ny aretina samihafa sy tsy fanta-pototra, ireo marary lava tsy mety sitrana, ireo tratry ny sakana samihafa amin'izay rehetra ataony, ireo mitaintaina lalandava noho ny afitsoky ny olon-dratsy, sns… ka mila vahaolana sy fahasitranana ao aminy no sahy nijoro vavolombelona sy tonga nisaotra teny aminy tamin'ny faran'ny volana lasa teo. Ny tena nahagaga sy nahatalanjona ny olona dia ilay olona manana kilema sy tsy nety tian'ny vadiny mihitsy, nefa rehefa nokarakarain'ity mpitsabo ity dia sady nahazo zaza no lasa tian'ny vadiny ihany koa satria tsy nampoiziny ny zavatra nitranga. Toy izany koa ity tovovavy efa an-taonany maro no voahitsakitsaky ny vadiny tamin'ny sipa mpandalo, nefa nanjary nilamina sy niverina amin'ny laoniny ny tokantranony rehefa nandalo teny amin'ity mpitsabo ity. Fa ny tena nahagaga ny olona ihany koa dia ity tovovavy nahavita fianarana nefa tsy nety lasa lavitra fa nivaro-tena no niafarany no nahazo fikarakarana teny amin'ity mpitsabo ity, ka sady nahazo vady vazaha, no lasa mpanampy ny fianakaviany any ivelany. Nijoro vavolombelona izy ka nihaona tamin'ny mpanao gazety. Toy izao ny resaka nifanaovana taminy:

**Mpanao Gazety (MG):** inona no nahatonga anao nanatona an'i Madame Noelah ?

**Tovovavy (TV):** noho ny fahitako fijoroana vavolombelona nataona tovovavy mitovy amiko ka izay no nahatapa-kevitra ahy hanatona azy.

**MG:** azonao ve izany izay notadiavinao taminy?

**TV:** tapa-bolana fotsiny taorian'ny fikarakarana nataony tamiko dia azoko ilay vazaha niriako.

**MG:** fa taiza no efa nahitanao io vazaha io?

**TV:** ka nivaro-tena mihitsy aho taloha ary efa niaraka tamiko io vazaha io fa tsy nety naka vady ahy, izao izy azoko ihany rehefa niverenako tao.

**MG:** dia ahoana ny fiainanareo izao?

**TV:** tafita tanteraka izahay izao ary mbola manampy ny fianakaviako koa aza.

**MG:** tsy nisy olana tamin'ny fianakavianareo ve ny nanam-bady azy?

**TV:** zarany aza mahazo vady vazaha ny zanany , ka inona no olana.

**MG;** misy hafatra omenao ny namanao tovovavy ve?

**TV:** raha te-hahazo vady vazaha toa ahy dia manatona eny amin'i Madame Noelah fa hahita izay irinao sy tadiavinao ianao ary tsy miavona na mijery firazanana, na loko izy fa raisiny daholo satria izay liana sy mila vahaolana eo amin'ny fiainany dia afaka sy sitrany avokoa.

**Ny Akama**

NY VALOSOA VAOVAO Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**23/06/18 hatramin'ny 30/06/18**

- **HARY SOA** (Besarety) 020 22 379 17 / 034 54 481 48
- **PROGRES** (Analakely) 020 22 207 06/ 020 22 307 17
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/ 020 22 665 22
- **TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 264 41/032 04 090 54

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :** Rahelisoa A. 034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Fanapariahana:**
Kalasoa: 033 16 153 91
Solofo : 034 89 907 74

**Mailaka:** gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 785-06-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FITATERANA CITÉ ITAOSY – AMBOHIDRAPETO

## Mijaly fiara ireo mpandeha hody hariva

Sahirana sy mijaly tanteraka amin' izao fotoana izao ireo mponina hody hariva, avy any amin'ny toerana samihafa indrindra avy ety Analakely sy Ampefiloha, ka tonga eo amin'ny fiantsonana Cité Itaosy ary mbola hamonjy fodiana any Ambohidrapeto sy ny tanàna manodidina toa an'i Marobiby. Fiara Mazda ny ankamaroan'izy ireo ary saika efa reradreraka avokoa. Tsy misy intsony mihitsy aloha manomboka amin'ny 7 ora hariva ireo fiara misahana ny fitaterana olona miainga eo amin'ny cité Itaosy mankany Ambohidrapeto. Raha zara fa misy indray, izay azo isaina amin'ny rantsantanana, dia efa misondrotra ny saran-dalana hatramin'ny taona maromaro izay. Manao izay maha diavolana ny sainy ny mpitatitra, toy ny tsy misy lalàna mifehy azy ireo hatramin'izay. Tato ho ato indray dia nanao ny nataony ireo polisy eny an-toerana tamin'ny fisavana ireo fiara, izay voalaza fa maro amin'izy ireo no tsy ara-dalàna ny taratasy. Vao miandry amin'ny toerana iray ny polisy hisava dia nipirina tsy nisy niasa avokoa ny ankamaroan'ny mpitatitra ary dia zary manamarina izay voalaza izany. Tsy ireo fiara Mazda efa misahana izany zotra izany anefa no voasava sy niharan'ny sazy henjana, fa ireo fiara hafa nahita ny fijalian'ny mponina ka nitsetra azy ireo mijajirika amin'ny andro alina eo. Anisan'ny lasibatra niharan'izany ny fiara zotra 133 sasany mba mitaona ireo mponina hamonjy fodiana. Tsy misy firaharahiana ny fijalian'ny vahoaka ny an'ny polisy fa ny hanasazy sy hampandoa vola izay fiara tratrany eo ihany. Hany ka tsy misy firy intsony sahy manao ny fitaterana mankany Ambohidrapeto rehefa amin'ny hariva manomboka amin'ny 7 ora. Misedra olana lehibe araka izany ny mponina, ao ny mpianatra, ny mpiasa, ny mpivarotra madinika,… Raha handeha tongotra anefa sarotra ihany satria eo ny hareranana avy niasa na nianatra. Olana lehibe tanteraka ihany koa anefa ny tsy fandriampahalemana amin'iny lalana iny noho ny mpanendaka sy jiolahy, izay tsy vitan'ireo polisy na zandary amin'iny vohitr'Itaosy sy Ambohidrapeto iny hatreto ny ady aminy. Misy ny taxi eo amin'ny cité kanefa tsy ho vita isan'andro ny handeha aminy noho ny saran-dalana lafo amin'ny fanararaotana ataon'izy ireo. Mponina Ambohidrapeto, miady irery rehefa hamonjy fodiana hariva fa tsy misy mba mitsinjo.

***Radafy***

Raharaha Rio-Tinto QMM

## Fanakanan-dalana 4 chemins, sazy mihantona gadra heritaona no azon' izy efadahy

Tontosa soa ny alakamisy tolakandro teo ny fitsarana azy efadahy nitarika ny sakan-dalana mihazo an'i Mandena Faradofay, toerana misy ny toerampiasan'ny Rio-Tinto/QMM. Raha ampahatsiahivina, efadahy no nitarika vahoaka nitaky ny vola tokony ho vidin'ny tany nampiasain'ny orin'asa fasimainty ka nahatonga ny asan'ity orin'asa ity nijanona. Niteraka fatiantoka ho an'ireo soutraitants. Nihetsika ity farany, fisamborana avy hatrany no hita. Tsy nanaiky ny fisamborana sy ny nampidirana azy ireo ny fokonolona fa nangataka hiara-migadra amin'izy efadahy ireo. Izany ka fahasahiana! Ny vaha olana, nomen' ny tribonaly sazy mihantona izy ireo. Nilaza ireo fokonolona fa tsy hijanona ny tolona raha tsy mivaly ny fangatahana. Mbola saritaka ny ao Fort Dauphin.

***Mangarahara***

Mpanao gazety Raymond Soavimanana

## Nanolo-tanana ny Kaominina Antsohihy

Nanolo-tanana ny kaominina ambonivohitra Antsohihy, renivohitry ny faritra SOFIA ny namana mpanao gazety ao amin'ny RNM (Radio Nasionaly Malagasy), Raymond Soavimanana na Ràta, ka nanome sahafabe Canal Sat, hahafahan'ny tanora indrindra ireo fianakaviana sahirana tsy manana fahafahana mividy fahitalavitra manaraka maimaimpoana ny fiadiana ny ho tompondaka erantany amin'ny baolina kitra na ny Mondial 2018, tanterahina any Rosia amin' izao fotoana izao. Ny herinandro teo no nanoloran'i Raymond Soavimanana ireo fitaovana ireo tao Antsohihy.

***Aly***




*Ny mpanao gazety Rata (ankavia), ny ben'ny tanànan'Antsohihy (ankavanana).*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 242**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0241)


***Mitsivalana***

- Mahantra
- Sola (Miv) – Sa
- Heniheny
- Manonofy (Miv)
- Ta – Aba
- Amy – RM
- Ino – Ora

***Mitsangana***

- Mahitsy
- Alefa
- Hono – Ao
- Manisa (Miv)
- Hobio
- Tsena
- Rana – Rà
- Mamy (Miv)

### TENY MIFANAPAKA N° 242




**Mitsivalana**

**1.** Avona **2.** Ao anaty rano – Ambarao **3.** Tompo Tsitoha **4.** Andro maizina – Mpampiray **5.** Tsy sahy niseho, kanosa **6.** Marika (Miv) – Lapan'ny Mpanjaka **7.** Tsy marina (BL) – Tsofoka **8.** Kivy, tsy sahy intsony – Eka **9.** Jamoka – Toetra ratsy (Miv) **10.** Ilaina – Mpanondro toerana

**Mitsangana**

**A.** Taranaka fiavianay – Marina (Miv) **B.** Esory – Aminy **D.** Maneho fofona tsara – Oroka **E.** Zava-maitso maniry – Ao anaty vava (Miv) **F.** Hakelezina **G.** Taraiky – Fia **H.** Fototenin'ny fanaratana – Mikoriana ao anaty **I.** Milaza fananana – Sakafo – Toerana **J.** Fitaovana enti-manadio **K.** Tonga ara-dalàna – Varotana

### Valiny Teny mifanaraka 0241

**Mitsivalana**

1 Mpamasovy 2. (F)iar(a) - Fia (Miv)- As 3. Fitondrana 4. Saka (Miv) - Aina 5. Nanao - Kere 6. Karem(y) 7. Rainay - Eo 8. Ampy - Toj(o) 9. Kamo - Aminy 10. Ma (Miv) - Vay - Fay

**Mitsangana**

A. Mifanaraka B. Gaika - Mama (Miv) D. Mpianatra (Miv) E. Osa - Niov(a) F. Nao (Miv) G. Sida - Kitay H. Afrika - OM I. Fijerena (Miv) J. Ianareo K. Sa - EM - VII

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny tolon'ireo mpanabe tetsy Anosy, omaly.











Ny didim-poitra maimaimpoana faobe nataon'ny boriborintany faha 5 (CUA).







